# IZARASOA SY NY DINAN'ANDAVAKORANA



seed madagascar
sustainable environment, education & development

DARWIN INITIATIVE

UKaid
from the British people

MINISTÈRE DES RESSOURCES HALIEUTIQUE ET DE LA PÊCHE

Mpiandriaky Miray Sainte Luce

**IZARASOA SY NY DINAN'ANDAVAKORANA**

Designed and first published in 2016 with financial support from :

COMMISSION DE L'OCÉAN INDIEN

Smart Fish


Mise en œuvre conjointement avec Food and Agriculture Organization of the United Nations

Financé par l'Union Européenne

Reprinted in 2020 with financial support from :


DARWIN INITIATIVE

UKaid from the British people



ANDAVAKORANA TANANA IRAY AO ATSIMO ATSINANAN'NY NOSY
NY JONO AVOKOA NO IVELOMAN'NY OLONA AO AN TANANA, NEFA ANISAN'NY TENA MAMPALAZA AZY IREO NY FAMOVOANA ORATSIMBA
INDRAY ANDRO RAHA NIARA-NILALAO TANY AN-TSEKOLY ENY MAHATAZANA IZY IREO DIA I LIMBY SY ZARASOA IZAY ZANAK'OLONA MPIARAHALAHY
IZAHO HONO HALEFAN'I DADA HIANATRA ANY FARADOFAY AMIN-NDRY DADAFARA FA ANY MBA TANAN-DEHIBE SADY BE RAHA HITA KA MAMPAHAY
SAMBATRA IANAO LIMBY, I DADANAY TSY AFAKA MANDEFA AHY FA SAHIRANA, METY TSY HIANATRA AZA AHO AMIN'NY TAONA HO AVY FA TSISY VOLA HATAO SARAM-PIDIRANA
MAMPALAHELO IANAO ZARASOA !
ANGAHA MOA I DADANAREO TSY MANJONO INTSONY ?
MANJONO FA EFA TSY MAHAZO BETSAKA TOY NY TALOHA INTSONY !
DIA INONA NO ATAONY HIVELOMANAREO AO ?
TSY HAIKO FA INDRAINDRAY IZY MIHIRIKA AKORA AMIDY REHEF TSY MAHAZO TRONDRO...
...NY ORATSIMBA IZAY TENA MAMPIDI-BOLA EFA MANOMBOKA TSISY, ARY RAHA MISY AZA DIA MADINIK DAHOLO ? NY HARATO TSY MAHAZO INTSONY FA EF VITSY NY TRONDRO ARY BETSAKA NY MANAO IZANY
NY AN'I DADANAY REHEFA TSY MAHAZO TRONDRO DIA MAMOVO ORATSIMBA NO TENA ATAONY, ARY MAHAZO MARO IZY SADY LEHIBE, DIA MAHAZO VOLA BE TOKOA NOHO IZANY



NAMETRAKA FOMBA FITANTANANA MAHARITRA NY ORATSIMBA MANTSY NY FOKONOLONA MPANJONO ANY AMINAY
ANDAVAKORANA ? LANGOUSTE VE ? ANGAHA MISY KOA NY FOMBA FITANTANANA AN'IRENY ORATSIMB IRENY ?
IE, NY ANY AMINAY NY OLONA MAMOVO AN'IRENY NO TENA MAMPANAM-BOLA AZY SADY MANJONO IHANY KOA ; DIA IZAY ZAO NO HIANTOHAN'I DADA NY FIANARAKO HO ANY FARADOFAY
REHEF VITA NY FITANTARAN'I LIMBY
SAMBATRA IANAO RY LIMBY. ANDEHA MBA HOTENENIKO AMIN'I DADANAY IZANY FOMBA FITANTANANA IZANY
HE ANDRASO AHO
NODY TANY AN-TRANO I ZARASOA
DADA ! DADA ! FA MANI NONA KOA ITY I DADA ?
NDEHA MIDITRA ANY AN-TRANO MIHINANA MANGAHAZO FA TSY MPANADALA AHY ETO RY ZARASOA A
AZAFADY RE E ! TSY HITAKO INTSONY IZAY HATAO ANIE !
O RANGAHY O ! MORAMORA IHANY IANAO AMIN'ITY ASALOHANAO ITY FA NY ZAZA AVY MIANATRA AVY NO RAHONANA TOY IZANY
MARINA IZANY FA NY ZAZA TSY MAHALALA TSY MISY IZNY E, NY FAHA SAHIRANANA, ANTSIKA LEHIBE IZANY


NY HARIVAN'IO IHANY TAO AN-TRANO
DIA IZANY HONO RY DADA NO TENA AHAFAHAN'I LIMBY HANDEFA AZY HIANATRA ANY FARADOFAY AMIN'NY TAONA HO AVY, SADY I LIMBY ANY TENA BOTRABOTRA
IZANY VE ANAKA ?
KA MANINONA RANGAHY RAHA MBA MANDEHA MANONTANY ANY AMIN-DRNOTRA ANY IANAO AMIN'IZAO FITANTANANA ATAON-NDRY ZAREO ZAO A
TOA HEVITRA METY IZANY AN ! VAO MARAINA IHANY AO DIA HO ANY
TSY DIA MIFANALAVITRA LOATRA NY TANANA MISY AZY REO KA TSY ELA AKORY DIA
HAODY NY ATO RAZOKY E !
MANDROSO E ! RAZANDRY MOSA, MBA ANDRO INONA RE NY ANDROANY E. SAO DIA MBA HANORAM-BE RANGAHY ITY AN !
TSSSS ! RAZOKY TY KOA, MBA MANINA DIA MAMANGY E !
TSY FANAONINGAHY MANTSY IZAO EFA ELAELA IHANY. FA MISY INONA RAZANDRY A ?
EEE ! ITY FAHASAHIRANANA E ! MAHAZAKA MANIRAKA
FA FAHASAHIRANANA AHOANA E ? ANGAHA MOA TSY MANDEHA TSARA NY JONO ANY AMINAREO NO...
TSSS ! IZAY MIHITSY IZAO NO AHATONGAVAKO ATY AMINAO ATY, FA TOA NAHENO TAMIN-JANAKAO AHO FA HOE METIMETY IZANY HONO NY FIAINANAREO NOHO IZANY FITADIAVAM-BOLA VAOVAO IZANY
FA FITADIAVAM-BOLA VAOVAO AHOANA RANGAHY ITY A ? ARY NY ZANAKAREO ANGAHA DIA TENA MIDITRA LALINA AMIN'NY FIAINAM-PIANAKAVIANAREO NO
KA ANGAMBA NY ZANAKAREO MIHITSY ANIE NO NIRESAKA AN'IZANY TANY NAHENOANY AZY E



TSY MAZAVA AMIKO
TANY AM-PIANARANA NO NIFAMPIRESKA RY ZAREO KA NAHENOANY FA TENA METY HONO NY FANDONAM-BOVO ORATSIMBA ATY AMINAREO ARY IZAY NO ANISAN'NY MAHATSARA NY FARI-PIAINANAREO ATY, MBA TOROY HEVITRA RAZOKY A
TENA MARINA IZNY RAZANDRY A, ARY ISAORANA IREO ANKIZY FA TENA MBA MIASA SAINA AMIN'ITY FAHASAHIRANAN'NY RAY AMAN-DRENINY ITY IZY IREO
MIASA ANAO KOA AHO TSY NIHAFAHAFA NANATONA FA IZAY NO TENA MAHA MPIHAVANA E, MIFANAMPY AMIN'NY SAROTRA E !
DIA NIFANDINIKA TEO IZY MIRAHALAHY
KA INONA NO HEVITRAO RAZANDRY ? HIJERY IZAY HATAONAY VE ALOHA IANAO VAO HAMPIAHTRA IZANY ANY AMINAREO, SA IZAHO MIHITSY NO HANDEHA HANDRESY LAHATRA NY MPONINA SY OLOBE ARY NY FOKONOLONA ANY AMINAREO ?
KA IZAHO ANIE NO HANAO NY ASA KA INONA NO ILANA NY OLOBE SY VAHOAKA AMIN'IZANY ?
TSY MAINTSY MIARA-MIENTANA NY AO AN-TANANA FA TSY AFA-MANDEHA IRERY IANAO
MBOLA MAIZINA AMIKO IZY IZANY AN !

6


MISY NY DINA IFAMPIFEHEZANA IZAY VOLAVOLAIN'NY FOKONOLONA ETY IFOTONY ARY MISY KO A LALANA MIFEHY IO FANJONOANA ORATSIMBA IO FA TSY ATAO AMIN'NY FOTOANA REHETRA SY IZAY FOMBA FANJONOANA ITIAVANA AZY AKORY
HAY VE, KA MANINONA RAHA MIARAKA MIHITSY ISIKA ROALAHY MIRESAKA AMIN'NY FOKONOLONA AN-TANANA ALOHA, AVY EO MANDRESY LAHATRA NY MPONINA NAMANAY SATRIA HO FIVOARAN'NY TANANA ANIE IZANY RAHA TANTERAKA E
DIA RAIKITRA IZANY FA HIJERY FOTOANA AHO, SADY ALEO MANDRITRA NY AFNDALOVAN'NY TEKNISIANINA MPANENTANA ATY NO ANAOVANA AZY
FA ANGAHA MISY TEKNISIANINA MIHITSY NO MIARAKA AMINAREO MANAO IZANY ?
ENY TOKOA NY FANJAKANA TOMPON'ANDRAIKITRA ANIE TSY MIJERY FOTSINY IREO MBA TE HIVOATRA FA TENA MANAMPY TOKOA
MISAOTRA RAZOKY A, AVOAHY NY MASAKA RANAOTRA FA NOANA A !
HA !HA !HA !NOFA HANAN-DRESAKA KOA RAZANDRY TEO KOA
HERINANDRO TATY AORIANA TAO ANDAVAKORATSIMBA
TONGA ETO IZAHAY ITY RAY AMAN-DRENY MBA HIFAMPIZARA VAOVAO SY HITAFATAFA MIKASIKA NY FIAINANA SY IZAY MBA HEVITRA HAMPANDROSOANA ITY TANANA ITY
MISAOTRA ANAREO REHETRA NAHAFOY FOTOANA, KA ENTO NY RESAKAREO



REHEFA NANAZAVA SY NIFALAKALO HEVITRA MOMBA NY MAHATSARA NY FITANTANANA NY ORATSIMBA RY ZAREO DIA...
TENA MAHALIANA TOKOA IZANY ZAVATRA TANTARAINAREO AMINAY IZANY, ARY REHEFA DINIHINA DIA TSY MISY FADY FA AZO TANTERAHINA TSARA ATY AMINAY SATRIA EFA TENA MIHENA NY VOKATRA ORATSIMBA MIAKATRA AMIN'IZAO
RAHOVIANA NO TOKONY HAMORIANA NY VAHOAKA AN-TANAN MBA HAMPAHAFANTARANA AN'IZANY ?
NA RAHAMPITSO IHANY DIA METY KA
TSY MANINONA FA MIVEZIVEZEY ETY AHO HIARAKA AMINAREO TEKNISIANINA MBA HANAMPIAKO NY ZANDRIKO
MISAOTRA ANAO ANAKA TAMIN'NY TORO-HEVITRA SY NY FAHAFOIZAM-POTOANA NANENTANA ANAY TATY, ANARAN-TANÀNA FOTSINY NY ANAY HATRIZAY FA IZAO VAO TENA HO ANDAVAKORANA NY ATY AMINAY
NY AMPITSO IHANY TAO ANDAVAKORANA
IZAY SY IZAY NO VAOVAO NENTIN'IRETO HAVANTSIKA IRETO KA AHOANA NY HEVITRAREO, HIROSO ISIKA SA TSY HANAO ?
ALEO MIROSO E !
EFA ITY AM-PELATANAKO ITY NY DINA IZAY NAPIHARIN'IREO HAVANTSIKA TAO ANTÀNANKORANA KA INOAKO FA AZO AMPIHARINA TSARA KOA ETO AMINTSIKA RAHA TE-HANDROSO ISIKA
SADY TSY MISY MAHA-RATSY AZY KOA INY E !
SAO MISY TSY MA-NAIKY IZANY ?



IZAHO ALOHA TOA TSY MAHALANY FA MAFY LOATRA IZANY LALÀNA IZANY KA, AIZA VE KA MISY FOTOANA TSY AZO HAKANA ORATSIMBA INDRAY ETO AN-TNÀNA REHEFA MAMPIHATRA AN'INY DINA INY
AROSOY ALOHA NY VINVINA SADY ISIKA IHANY KOA ANIE NO MAMOLAVOLA NY DIN METY AMINTSIKA E !
RAIKITRA RAHA NY MARO AN'ISA NO MANAIKY E !
IZAHAY MANAIKY FA AROSOY EEE !
ATSANGANO NY TÀNANA IZAY MANAIKY EEE !
VITSIVITSY IHANY NO TSY RESY LAHATRA KA TAPAKA FA HATAO NY FOMBAFOMBA HIROSONA AMIN'NY FAMOLAVOLANA NY DINA
AFAKA VOLANA VITSIVITSY, VITA SOA AMANTSARA NY FAMOLAVOLANA NY DINA KA NATSANGANA NY « DINAN'ANDAVAKORANA » ARY NANKATOAVIN'NY MANAM-PAHEFNA SY MPITONDRA FANJAKANA AMABARATONGA REHETRA HATRENY TAOLANARO
NISY NY VONO OMBY ARAKA NY FOMBA ARA-DRAZANA...
NY MPISORONA NO NITARIKA IZANY TEO ANATREHAN'NY MPITONDRA FANJAKANA
NOTAPAHANA NY OMBY, KA NY RANY SY TOAKA MENA NO HATOLOTRA NY ZANAHARY SY NY RAZANA...


NOENTINA TENY AMIN'NY NOSIN-DRAZANA NY RAN'ILAY OMBY SY TOAKA MENA.
NANAO SORONA IZAHAY HIFAMPIFEHY AMIN'NY DINA KA ITY NO ANJARANAREO ZA-NAHARY SY RAZANA KA IZAY MANDIKA IZANY, MANATREHA IANAREO
REHEFA IZANY, DIA NOVAKIANA TEO IMASOM-BAHOAKA NY DINA
TOY IZAO NO VOALAZAN'NY DINA ATO
NATSANGANA NY KOMITIN'NY DINA EO AN-TANÀNA...
MISAOTRA ANAREO NAMETRAKA ANAY HITANTANA NY FAMPIHARANA NY DINA, KA HAFATRA NY AHY AMIN'NY MAHA FILOHA NY TENAKO...
MIANGAVY ANTSIKA REHETRA MBA SAMY HANAJA IZAY VOASORATRA ATO ANATIN'ITY DINA ITY MBA HITONDRA FANATSARANA NY VELON-TENANTSIKA AN-DRANOMASINA ETO ANDAVAKORANA
DIA NATAO NY FIARAHA-MISAKAFO HO NOFON-KENA MITAM-PIHAVANNA
MAHAVITA BE IANAREO KOMITY !
MISAOTRA E !



NY AMPITSON'IO IHANY DIA NANOMBOKA NY FAMPIANARANA AR-TEKNIKA
IRETO AVY NY FITAOVANA AMPIASAINA AMIN'NY FAMOVOANA ORATSIMBA


HEZAHINA HO FITAOVANA MISY ETO AN-TOERANA IHANY NO AMPIASAINA...



FITAOVANA NENTIM-PAHRAZANA AMPIASAINA MBA TSY HANIMBA NY TONTOLO IAINANA SY TSY LAFO VIDY LOATRA...
- NY VAHIPIKY NO HANAMBOARANA AZY -
- VAHY IHANY KOA ATAO TADIM-BOVO -
- ASIANA VATO AO ANATY VOVO -
- TSY AZO ADINO NY FITAOVANA FANDREFESANA ORATSIMBA...
GONY PLASTIKA EFA SIMBA NO ANAOVANA NY KASETY HASIANA « ATALA » HOFAM-BOVO


AFATOTRA TSARA NY KASETY FENO "ATALA"
ARY APETRAKA MORAMORA AO ANATY RANO
AFATOTRA EO AMIN'NY VOVO
NY FIKEMPO...
VONONA NY VOVO


TANDREMO
TSY AZO ATAO



VAO MARAINA DIA INDRENY SAMY MANDRAY NY LAKANY NY TSIRAIRAY…
MIARAKA AMIN'NY FITAOVANA HAMPIASAINY KOA I MOSA SY NY ZOKINY ARY IERO IRAY TARIKA AMINY EO AN-TÀNANA
TOY IZAO NY TOERANA AZO HAMOVOANA SY NY FOTOANA AZO ANAOVANA IZANY…
VOLANA JONA MOA IZAO KA TSY MBOLA MISOKATRA NY FOTOAM-PAMOVOAN ETY AMIN'NY FARITRA TANTANINA KA ENY IVELAN'NY FRITRA NO MANDEHA NY REHTRA….
TANAN' ANDAVAKORANA
FARITRA TANTANINA
FAMOVOANA :
1 APRILY – 30 APRILY
SY
1 AOGOSITRA – 31 OKTOBRA
FAMOVOANA
1 APRILY
31 DESAMBRA
NY VOLANA JANOARY KA HATRAMIN'NY MARTSA DIA TSY AZO ATAO NY MAMOVO NA MAKA ORATSIMBA
ITY NO MARIKA FAMANTARANA NY FARITRA TANTANINA SY NY AZO HAMETRAHANA VOVO AMIN'IZAO FOTOANA IZAO
ENY IVELANY NO APETRAKA NY VOVO


DIA SAMY NANDATSAKA NY VOVONY NY REHETRA…
ARY SAMY NIVERINA NODY AVOKOA ALOHA
NIFANARAKA NY REHETRA MANOMOKA AMIN'NY ENINA ORA MARAINA NO MIARA-MIRONA MANDEHA MITSAPA NY VOVONY AVY MBA HISIAN'NY FIFAMPITOKISANA SY TSY HISIAN'NY HALATRA
MANENO NY SIFLE
FFRRRiii
FFRRRiii
DIA INDRENY SAMY MIAHZAKAZAKA MAMONJY NY LAKANY NY MPAMOVO ARY MIOLOMAY MIROTSAKA ANY ANATY RANOMASINA…
INJAY NY SIFLE… LASA AHO RAMAMANY A !



NAMPAKATRA VOVO RY MOSA
HA ! TENA NAHAZO IHANY NY VOVOKO
JEREO TSARA FA MISY MADINIKA IRENY A !
DIA TSY MAINTSY HAVERINA ANY ANATY RANO IZANY IRETO SATRIA LATSAKY NY 20 SANTIMETATRA ?
IE ! IRENY MISY ATODINY IRENY IRENY KOA TSY MAINTSY AVERINA ANATY RANO MBA HITSINJOVANTSIKA NY AFAKA TAONA VITSIVITSY
NY ORATSIMBA IRAY DIA MITONDRA ATODY MIHOATRA NY IRAY TAPITRISA
IZANY HOE : RAHA MAKA KA MIVAROTRA ORATSIMBA IRAY MANATODY DIA MAMONO TARNAK'ORTSIMBA IRAY TAPITRISA TOKONY HO VELONA !
AFAKA TAONA VITSIVITSY ANEFA IRENY DIA AZO TRANDRAHINA INDRAY SATRIA METY HO TONGA ORATSIMBA LEHIBE AVOKOA KA HO LOVAIN'NY TARANAKAANY AORIANA ANY...


ELA MARINA IZY IRETO VAO LEHIBE HO AZO TRANDRAHANA AN !
IZAY INDRINDRA NO MAHATONGA NY FANAKANA SOMARY SAROTINY AMIN'NY FITRANDRAHANA AZY ITY SATRIA RAHA TSY IZANY DI HO LANY TAMINGANA TANTERAKA NY ORATSIMBA ATY AMINTSIKA !
MARINA IZANY E
REFESINA TSARA ALOHA IRETO FA RAHA TSY AMPY REFY DIA AVERINA ANATY RANO
IRETO IZAO MBOLA KELY LOATRA
IRETO AMPY REFY TSARA SADY LAFO VIDY NO ARA-DALÀNA
...EFA NIANDRY TEO KOA IREY MPANDANJA SY MPANANGONA...
AKORY MOSA. NAHAVOA IHANY VE ANDROANY ?
NAHAZO VITSIVITSY IHANY IZAHAY SATRIA MBOLA ENY IVELAN'NY FARITRA TANTANINA IZAHY NO MAMOVO : MBA MANARA-DALÀNA E !


TANY AN-TRANO
OHATRINONA NO VOLA AZONAO ANDROANY ?
AMIN'NY MANARAKA METY MISIMISY E, INDRINDRA F MANOMBOKA NY VOLANA JOLAY, IZAY FOTOANA FISOKAFANA'NY FOTOAM-PAMOVOANA ENY AMIN'NY FARITRA AROVANA SY TANTANINA
MISAOTRA ANAO AHO RAZOKY FA TENA MISY FIOVANA BE NY FIANANAY RAHA AIZAO NO MITOHY
TSY MISY HISAORANAO AHY FA NY HOAVIREO NO ANTONY NANOROANA ANAREO AN'IRENY
FA IREO TSY MBA NAIKY NY DINA KOSA
ANDAO RANGAHY ISKA MBA HAMOVO FA TENA MAHAVOA RY ZALAHY IZANY ARY TENA MAHOMBY NY FAMETRAHANA ITY FAITRA TANTANINA ITY AN
NY ALIN'IO IHANY
DIA AIZA NO APETRAKA NY VOVO ?
ISIKA TSY MIASA LOHA AMIN'IZAY TOERANA TSY AZO HAMOVOANA IZANY FA IZAY FAIRTRA BE ORATSIMBA NO HASIANA AZY !
IZA NO HANAIKY TSY HAHAZO ETO ?
NY AMPITSON'IO IHANY...
IO EEE ! TRATRA EEE !


INONA KOA IZANY HORAKORAKA BE ANY AMBADIKA ANY IZANY ?
TRATRA HONO RY DODOLY SY NY NAMANY NADIKA NY DINA E !
Ô RANGAHY Ô MBA JEREO HOE IZANY E !
TSY MAINTSY MANDOA VONODINA IREO FA TSY MANAIKY NY FOKONOLONA
NOENTINA TEO ANIVON'NY KOMITY IREO TRATRA NANDIKA NY LALÀNA
ARAKA NY DINAN'ANDAVAKORANA IZAY MIFEHY ANTSIKA DIA TSY MAINTSY MANDOA ONITRA LELAVOLA 100 000 ARIARY IANAREO
FAIZO KELY ALOHA IREO FA MADITRA E !
MANARAKA IZANY DIA TSY MAINTSY MATY OMBY IRAY KOA IANAREO HO AN'NY FOKONOLONA, SADY ANATRA HO AN'NY HAFA IHANY KOA IZANY
SATRIA SADY NAKA NY ORATSIMBA MANATODY IANAREO NO NAKA IREO MBOLA MADINIKA BE...
SADY IZAY INDRAY MBOLA TENY AMIN'NY FARITRA TANTANINA NO NASIANAREO VOVO NEFA NY FOTOAM-PAMOVOANA ENY MBOLA TSY MISOKATRA


KA... KA I VINY MPANDANJA ORATSIMBA ANIE NO NILAZA FA RAISINY FOANA IRENY MADINIKA SY MANATODY IRENY E !
VOAN'NY DIANA MIARAKA AMINAREO KOA IZY MPANIRAKA RHA IZANY !
MBA MANGATAKA ANDRO RE IZAHAY FA TSY HO VITANAY ANDROANY IZANY REHETR IZNY, SAINGY TSY MAINTSY HO VITANAY MALAKY
MANAIKY IZANY NY FIARAHA-MONINA SATRIA TSY NY HAMONO ANAREO NO TANJONA FA NY NHANAFAY MBA TSY HANAO INTSONY AMIN'NY MANARAKA
HANARAKA ZAY TAPAKY NY REHETRA IZAHAY MANOMBOKA IZAO
TOMBONTSOA IRAISANA ANIE NY HO TSINJOVINTSIKA RY ZAREO
DIA NITOHY NY FIAINANA AMIN'NY ANDAVANANDRO


TONGA NY VOALOHANY VOLANA APRILY
MISOKATRA IZAO NY FOTOAM-PAMOVOANA ETY AMIN'NY FARITRA TANTANANTSIK KA MIANGAVY ANAREO MBA SAMY HIFANAJA SY HANAJA NY DINA IRAISANA E !
I E E !
VAO MARAINA AMIN'NY 6 ORA
ASIO KAFE KELY ALOHA FA TENA MANGATSIKA
ANDAO ZALAHY FA SAO TARA AAA !
DIA SAMY MAMONJY NY LAKANY...
...SAMY NAMPAKATRA NY VOVONY NY TSIRAIRAY...
TSY ELA AKORY DIA INDRENYFA NIAKATRA SAHADY NY MPAMOVO
MBA TSARA KOSA NY ANDRO ANIO AN !
MARINA IZANY !


20 KILALAO BE IZAO NO FITAMBARAN'NY AZONTSIKA
KA TSARA TANTANA NY FARITRA MISY ANTSIKA AMIN'IZO DIA TSY MAHAGAGA RAHA TSARA NY VOKATRA
NAHAZO MISIMISY AHO RAMATOA DELINA VADIKO A !
EEE ! HO TANTERAKA IHANY LAHY NY NOFINOFIN-JANAKO NY MBA HANDEHA HIANATRA ANY FARADOFAY HIARAKA AMIN'NY NAMANY
SADY MBA HANAO TAHIRY KOA ANY AMIN'NY MPAMPINDRAM-BOL MADINIKA ISIKA MBA HHFAHANA MISAMBOTRA AMIN'NY MANARAKA
IE, MBA HIVIDIANANA FITAOVANA FANJONOANA SY HAMPITOMBOANA NY ISAN'NY VOVO.


SADY NY LAKAKO KO ITY EFA SOMARY ANTITRANTITRA IHANY KA MILA SOLOINA AMIN'NY FISOKAFAN'NY FAMOVOANA ORATSIMBA MANARAKA
DIA AZA ADINO IZAHAY RY DADA AN ! LAMBA VAOVAO SY KITAPO HOENTIKO MIANATRA !
IANAO INDRAY TSY HO HADINOKO VELIVELY FA AVY TAMINAO NO NAHATOY IZAO ANTSIKA.
HALEFA HIANATRA ANY AN-TANAN-DEHIBE IANAO MBA HITOVY AMIN'NY ZANAK'OLONA REHETRA
MISAOTRA RY DADA SY NENY
DIA NIOVA NY TANANAN'I ANDAVAKORANA, SY NY FIAINAN'I MOSA MIANAKAVY
FESTIVAL ORATSIMBA 21
RESTAURANT ORATSIMBA
HATREO
HEVI-DEHIBE : ONG AZAFADY
TANTARA SY SARY: R. PIERRE

# TETIK'ASA FITANTANANA GNY ORATSIMBA ETO SAINTE LUCE

## TSY AZO ATÔ GNY MISINDROKY ORATSIMBA MANDRITRA GNY FOTOA FIHIDIANY FA RARAN'GNY LALANA

**Mihidy : 01 Janoary** **Mivoha : 01 Aprily**





Tandremo ! Tsy azo atô gny mamporisiky gny mpiandriaky hitrandraky Oratsimba mandritsy gny vanim-potoana fihidiany fa mahavoasazy

## TSY AZO ATÔ GNY MITSINDROKY ORATSIMBA






Misy atody latsaky gny 20 cm gny halavany Mandritsy gny fotoana fihidiany

## GNY RAHA TSY AZO ATÔ AMIN'NY FARITSY IAROVA GNY ORATSIMBA ETO SAINTE LUCE DRA TA HÔKY













Tandremo ! Tsy azo atô gny mitsindroky Oratsimba amin'ny fomba rehetra mandritsy gny fotoa mampihidy gny Faritsy Arova fa mahavoasazy sy iharani'gny Dina

**METY GNY**





seed madagascar
sustainable environment, education & development

**Mpiandriaky ao Sainte Luce**

## THE ORATSIMBA PROJECT IN SAINTE LUCE"
## Model Fishermen - Example to others"

Situated in the remote Anosy region of southeast Madagascar, Sainte Luce is a small community, which for generations has relied on catching fish and lobster for their livelihood. Historically, lobsters were always plentiful, yet in recent years things have begun to change – stocks have declined, catches have become smaller and, consequently, it has become more and more difficult for people to earn a living and feed their families from lobster fishing.

The fishers of Sainte Luce have made the brave decision to stand and face this challenge. The slogan of the Sainte Luce fishers is "Model Fishers – Example to Others". The Sainte Luce fishers, together with SEED Madagascar, an NGO partner, are proud to produce this educational booklet to tell the fishers' story. We hope the booklet will help raise awareness of initiatives similar to that of Sainte Luce, and encourage them to manage their marine resources sustainably.

We hope that the story of Limby and Zarasoa will inspire adults and children to face the challenges experienced by coastal communities and, like those in our story, find a way to manage their marine resources for the benefit of their communities, ensuring that lobsters and other target species are still caught off the coast of Madagascar for many years to come.

This project would not have been possible without the historic financial support of FAO and 10C-Smartfish Programme (project partners between 2013-2016), nor without the present commitment of the Darwin Initiative (project partner between 2018-2021), the Riaky Commitee in Sainte Luce, and the support of the 400 fishers who live there.

Lisa BASS, Director of Programmes and Operations, SEED UK

## THE ORATSIMBA PROJECT IN SAINTE LUCE"
## "Mpiandriaky Filamatse, Anatra ho an'ny hafa"

Ny tanànan'ny Sainte Luce aty Atsimon'ny Madagasikara dia tanàna kely iray mivelona amin'ny harena vokatry ny ranomasina. Anisan'ny toerana be karazan'ora (Langouste) indrinda i Sainte Luce teo aloha saingy mihena izany amin'izany fotoana izao ary efa mihavitsy ka misy fiantraikany eo amin'ny velotenan'ireo mpanjono.

Manoloana ny zavamisy anefa, tsy ketraka ireo manjono fa nandray fanapaha-kevitra hentitra, mendrika hiatrehana io fihenan'ny vokatra io. "Mpiandriaky Filamatse – Anatra ho an'ny hafa". Io no teny filamatra fanentanan'ny mpanjono ao Sainte Luce handresena lahatra ireo namany amin'ny toerana manodidina ary mahafaly anay mpitan-tsoroka ny tetik'asa Oratsimba, tarihin'ny ONG Azafady ny mamokatra ity boky kely fanabeazana ity mba ho torolalana ho an'ny mpanjono hafa mivelona amin'ny ranomasina mba hampiasa ary hitantana ny harena an-dranomasina ampamendrehana sy amin'ny fomba maharitra.

Manentana izahay fa ny tantaran'i Limby sy Zarasoa dia ho ohatra tsara fakan-tahaka ho an'ny ankizy monina sy mivelona amorontsiraka mba hahita fomba mahomby hitantanana ny harena an-dranomasina izy ireo mba hampaharitra ny "Langouste" ho tahiry ho an'ny taona maro mifandimby ho avy manaraka.

Ny tetik'asa Oratsimba dia tsy tanteraka raha tsy nisy famatsiambola avy tamin'ny FAO sy fandaharan'asa 10 Smartfish (mpiara-miasa amin'ny tetikasa nandritra ny taona 2013-2016), sy ny mpamatsy vola ankehitriny dia Darwin Initiative (mandritra ny taona 2018-2021), ny Komity Riaky ao Sainte Luce ary ny finiavan'ny mponina ao Sainte Luce izay ahitana mpanjono mihoatra ny 400 amin'izao fotoana izao.

Lisa BASS, *Director of Programmes and Operations*, SEED UK